MIARINARIVO 4

# MATY NOKAPAIN'NY VADINY TAMIN'NY FAMAKY RAMATOA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7665 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 09 septambra 2023


MARINA IZANY ! 7

## FIFANDRIFIAN-JAVATRA VE ?

Tsaroako ilay"... 3

HERY PUISSANCE



## NIFANDROMBAHAN' NY IRAY TANÀNA

FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# NITORY ENY AMIN'NY HCC NY ANTOKO HVM SY NY MMM



CENI 7

# 27 375 NY BIRAO FANDATSA-HAM-BATO ERAN'NY NOSY

KITRA 2

AL MERRECK # YOUNG AFRICANS

## MALAGASY 4 MIRAHALAHY NO HITSARA NY LALAO

RAHARAHA 7

ROMY VOOS ANDRIANARISOA

## NIHEMOTRA AMIN'NY 6 FEBROARY NY FITSARANA


FAFI V 2



## MIVAROTRA FITAOVAM-PIANARANA MIRARY







Ankatso- "Salon de l'étudiant"

# Mibaribary toy ny vay an-kandrina ny olan'ny Oniversite

Mibaribary toy ny vay an-kandrina ny olan'ny Oniversiten'Antananarivo nandritra ny "salon de l'etudiant" teny Ankatso ny 7 sy 8 septambra 2023 teo. Ny Seces sampana Antananarivo nanohy ny hetsika sy fitokonana ataony ary tetsy ankilany ny Oniversiten' Antananarivo dia nanao ny "salon de l'étudiant" ihany. *"Hitan'ny mpianatra daholo ny zavatra miseho ety amin'ny Oniversite. Eo ny salon izay mampahafantatra ny spécialité rehetra fa eo ihany koa ny grevy, tsy misy misokatra ny toeram-pianarana fa ny mpampianatra eto amin'ny arabe manao ny fitakiany ka hitan'ny mpianatra ny zava-misy. Izao no mampalahelo: ireo mpianatra ireo dia manantena fa tonga dia hianatra kanefa raha ny zavatra ataon'ny fanjakana izao, dia tsy ho vita mihitsy ny taom-pianaran'ny Oniversite amin'ity taona 2023 ity. Any amin'ny 2024 any dia mbola hotohizana ny fianarana tamin'ity taom-pianarana ity. Raha tsara ny tantana dia tsy hiditra hianatra ireo mpianatra ireo raha tsy amin'ny taona 2025 satria izay vao ho vita ny taom-pianarana izao"*, hoy ny Pr Rasolomampiandry Gilbert, Sekretera nasionalin' ny Seces. Nomarihany fa tokony hampieritreritra ny ray aman-dReny ny zava-misy iainana ety. Raha ny zavamisy tsy hiverina amin'ny fanapahan-kevitra sy hanohy hatrany ny fitokonana ataon'ny ny Seces raha tsy vahan'ny fanjakana ny olana rehetra. Mpitsidika sy mpianatra 35000 eo no nandrasana nandritra ny roa andro teny Ambohitsaina tamin'iny "salon de l'étudiant" andiany faha-20 iny.

**Heriniaina A.**

Kitesurf - Antsiranana

# 90 ireo mpandray anjara amin'ny hetsika iraisam-pirenena

Nanomboka tamin'ny alakamisy lasa teo ny hetsika iraisam-pirenena kitesurf izay tanterahina any Baie de Sakalava Antsiranana. Haharitra efatra andro izany hetsika izany ary misintona mpizahatany maro. Maherin'ny 90 ireo mpandray anjara amin'izany hetsika izany ary avy amin'ny firenena 6 samihafa izy rehetra ireo. Taranja maromaro no hifaninanana ao ka anisan'izany ny kitesurf sy wingfoil ary ny windsurf. Andiany faharoa isika amin'izao ary mampiavaka azy ny hahitana an'i Maria Andrés, izay tompondaka maneran-tany amin'ny windsurf sy i Stig Hoefnagel izay efa nandrombaka amboara tamin'ity sehatra ity ihany koa tamin'ny 2021. Hanohana ity hetsika goavam-be hatao eto



**Fahombiazana ity andiany faharoa amin'ny hetsika manerantany kitesurf atao eto Madagasikara ity.**

Madagasikara ity izy ireo sy hiezaka hampahafantatra ny tanànan'i Baie de Sakalava hita any Antsiranana ary faritra malaza indrindra amin'ity taranja ity manerana izao tontolo izao. Karakarain' ny minisiteran'ny fizahantany sy ny ofisy nasionalin'ny fizahantany eto Madagasikara ary ny Mada Kite Bros, tohanan'ny Telma sy ny tetikasa Pic izany hetsika izany. Misintona mpizahatany ny hetsika toy izao no sady mampandroso ity tontolon'ny Kitesurf ity. Manana manam-pahaizana sy mpampianatra io taranja io mantsy isika ka rariny raha haparitaka ny momba izany, tsy eto ihany fa hatrany ampitan-dranomasina.

**Nath**

Fanantenana FAFI V

# Mivarotra fitaovam-pianarana tena mirary ho an'ireo sahirana

Toy ny fanaony isan-taona rehefa fidiran'ny mpianatra tahaka izao dia misokatra indray ny tsena Fanantenana eny Ambohimirary tarihin-dRtoa Hanitriniala Fanantenana Raholdina mivarotra fitaovam-pianarana mirary ho an'ny tokantrano sahirana eny amin'ny Boriborintany faha-V. *"Efa vita ny fanampiana an'ireo olona tena marefo ara-pivelomana dia miroso amin'ny tsena Fanantenana izay ho an'ny rehetra amin'ny vidiny tena mirary izahay. Maro ny fitaovana hita ato toy: ny kitapo, kahie, penina, diksionera sy boky maro isan-karazany azon'ny mponin'ny Boriboritany faha-V rehetra jifaina rehefa mitondra karinem-pokontany. Izao no natao dia mba hanamaivanana ny fandanian'ny ray aman-dRenin'ny mpianatra"*, hoy Rtoa Hanitriniala Fanantenana, filohan'ny fikambanana mpanao asa soa Fanantenana FAFI-V ny alakamisy teo. Natao mirary sy antsasa-bidy raha mitaha amin'ny vidin'entana eny antsena ireo fitaovam-pianarana amidin'ity fikambanana mpanao asa soa ity, mba hanamaivana ny fahasahiranan'ny ray aman-dRenin' ny mpianatra. *"Tena mora ilay fitaovana sady mahafa-po ka misaotra betsaka ny fikambanana nitsinjo anay madinika, sady manala ny fahasahiranana amin'izao fidiran'ny mpianatra izao"*, hoy ny ambetin-tenin'ireo renimpianakaviana nitafa taminay. Samy navesatra nilanja fitaovam-pianarana avokoa ireo ray aman-dRenin'ny mpianatra rehefa avy nividy ireo fitaovam-pianarana.



**Filaharambe tahaka izao no hita teny an-toerana.**

**HAR**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha miasa mafy ianao kanefa tsy ao ny fitiavana dia tahaka ny andevo ihany. Tafio ny finiavana dia hahita fifaliana ary ny herinao tsy ho lany."
Ny Vetso (30.09.15)
("Travailler sans amour! C'est de l'esclave. " Mère Térèsa)

Kitra - Al Merreck # Young Africans

# Malagasy 4 mirahalahy no hitsara ny lalao

Hotanterahana amin'ny 16 septambra any Kigali, ny fihaonana eo amin'ny Al Merreck Soudan sy ny Young Africans Tanzanie, tafiditra amin'ny fiadiana ny « Champion's league CAF », taranja baolina kitra. Teratany Malagasy 4 mirahalahy no notendren'ny CAF hitsara izany , tarihan-dRakotojaona Andofetra, Hasinjarasoa Lionel, Augustin Gabriel,Tibo tibo. Na dia tsy manana klioba niatrika ity andiany 2023 ity aza i Madagasikara, tsy nahasakana ny teo anivon'ny CAF hanendry ireo mpitsara Malagasy izany. Sangany avokoa izy ireto ary efa manana fahaiza-manao, ka antenaina fa tsy hisy ny olana na sakana tsy hahavitan'izy ireto izany. Mahakasika izay hatrany, Hotanterahana any Ejypta amin'ny 18 hatramin'ny 23 septambra izao, ilay fampiofanana ho an'ny mpitsara baolina matihanina andiany faharoa iarahana amin'ny CAF. Manana solontena hiatrika izany isika, amin'ny alalan'i Andriatianarivelo Dimbiniaina. Mahazo tombony lehibe izy, izay antenaina fa hitondra fampivoarana sy hizara ny traikefa azony rehefa tafaverina aty an-tanindrazana. Ho an'ny fifaninanana COSAFA Vehivavy ihany koa, voatendry hitsara ny fifaninanana Rosalie sy Herilalaina mpitsara mpanampy. Ity farany izay nitsara ny lalao famaranana tamin'ilay « Champion's league sudafrique » omaly. Mihetsiketsika tanteraka ny eo amin'ny tontolon'ny fitsarana baolina eto amintsika. Fantatra, hisy ny fampiofanana ny mpitsara tanora, karakarain'ny FIFA natokana ho an'ny latsaky ny 24taona vavy sy lahy, hatao eto Antananarivo, ny 19 hatramin' ny 23 septambra. Mpampiofana avy amin'ny FIFA mihitsy no hoavy eto mandritra izany, hizara ny traikefany. Miisa 30 eo ireo mpitsara hanaraka izany, izay avy any amin'ireo ligim-paritra. Sambany no hisy azy ity eto Madagasikara, izay hijerena sy hanomanana dia ny izao ireo mpitsara mpandimby. Misy ny fepetra takiana, toy ny fahaizana ny teny frantsay, mahay informatika miampy fitsapam-pahaizana. Mahakasika ireo mpitsara « élite », efa anatin'ny fanomanana ny tomponandraikitra eto amintsika, izay amin'ny volana oktobra eo no hanatanterahana izany. 19 eo ny antsika, ka ny 4 mpitsara lehilahy, 7 mpitsara mpanampy, 2 ny mpitsara vehivavy, 4 mpitsara mpanampy, ary 2 ny mpitsara ho an'ny beach soccer. Mahakasika ny fifaninanam-pirenena ho an'ny divizion faharoa indray, efa vonona ireo mpitsara 24 voatendry amin'izany, izay hatao ny 15-24 septambra. Ny 12 amin'izy ireo dia voatendry any Mahajanga, 12 kosa ny any Antsirabe.

**Rabenaivo**


Galana

APPEL A MANIFESTATION D'INTERET




Opportunité Passionnante : Rejoignez Notre Équipe en Tant que Nouveau Gérant de Stations-service
Vous aspirez à un métier passionnant, à la tête d'une entreprise dynamique en constante croissance ?
Saisissez l'opportunité de devenir notre nouveau gérant de station-service.

• Galana Distribution Pétrolière SA, filiale du Groupe Rubis à Madagascar, recherche des partenaires engagés dans la gestion des stations-service pour offrir une qualité de service ainsi qu'une expérience exceptionnelle à ses clients.

Ce que nous recherchons :
• Personne physique ou morale , partageant les mêmes valeurs que Galana , notamment l'éthique et la sécurité
• Gestionnaire confirmé
• Focus service client confirmé
• Excellent leader
• Connaissance du métier de la distribution

Comment relever ce défi plus que passionnant ?
• Une déclaration de manifestation d'intérêt avec : le nom du soumissionnaire, la ville de localisation de la station-service
• La prétention en apport financier du soumissionnaire
• CIN
• Lettre de motivation
• Certificat de résidence
• Un curriculum vitae
• Un relevé bancaire des 3 derniers mois
• Bulletin N°3 de moins de trois mois

DATE LIMITE DE DEPOT DE CANDIDATURE
Jusqu'au 26 Septembre 2023 à l'unique adresse gdprecrutementgerant@galana.mg

GCL 604/4-2

Hyphen Dago-15 taona

# Hanolotra seho ao amin'ny Espace Dera Tsiadana indray

Hanamarihana hatrany ny faha-15 taona nisian'ny tarika Hyphen Dago, dia ho avy hanolotra fampisehoana ao amin'ny Espace Dera Tsiadana indray izy ireo amin'ny 23 septambra ho avy izao. Amin'ny 4 ora hariva no hanomboka ny fotoana amin'izany ary haharitra adiny telo ny fampisehoana. Hiavaka be indray moa ity fampisehoana ho ataon'izy ireo ity satria dia nanasa mpanakanto hafa izy ireo. Anisan'ny ho avy ao ry Nini (Kiaka), Anja, Patrick Raobelina ary Landry izay samy ao anatin'ny sehatry ny rock sy metaly avokoa. Marihana moa fa tarika iray izay mivoy ny gadona rock sy ny metaly ny Hyphen. Noho izay antony izay indrindra koa no nisafidianan'izy ireo an'ireo vahiny ireo ka dia antenaina sahady fa hafana be tsy misy ohatran'izany ny eny an-tsehatra. Natokana ho an'ny rehetra koa ny ambiansy ao ka dia samy hahazo ny anjarany avy ny rehetra. Ireo mpankafy an'ity gadona ity moa no tena hahazo fahafinaretana ao anatin'izany. Ampatsiahivina kely fa anisan'ny tena nahafantarana ny tarika ny fihirana ireo hira rock vahiny na koa metaly. Misy efatra mirahalahy izy ireo no mandrafitra ny tarika, izay ahitàna an'i Zozo,Deba,Poun ary i Tsanta. Ny lamozika Prod kosa no mpikarakara ny hetsika ary dia mampanantena seho miavaka sy mahafinaritra izy ireo amin'ity hetsika ity. Maro rahateo ny olona nangataka ny hisian'ny fampisehoana faharoa taorian'ilay fampisehoana nataon'ny tarika tamin'ny volana jona lasa teo tao amin'ny le Pavé ka dia ezahana ny hanome fahafahampo ny rehetra amin'ity hetsika ity iray indray ary dia antenaina fa ho lany tanteraka indray ny tapakila.

Tanya.R

Canal plus

# Hanatsara ny tolotra omeny

Anisan'ny singa iray fakan'ny ankamaroan'ny olona fialamboly ny fijerena fahitalavitra. Maro izy amin'izao fotoana izao saingy miavaka hatrany kosa ny Canal+. Omaly, nanamafy ny fifamatorany amin'ny mpanjifany, amin'ny fanomezana tolotra entina manome fahafaham-po ny mpanjifany eto Madagasikara teny amin'ny foibeny eny Andraharao izy ireo. Anisan'izany, ny fehezana iray izay sahaza ny isantokantrano. Manomboka ny alatsinainy izao, fanatsarana tsy misy fetra no atolotry ny "Canal + Madagasikara" amin'ny alalan'ny tolotra "Essentille +". Tolotra ahafahan'ny mpampiasa Access + ahazoana fantsona (chaînes) rehetra saingy mbola miampy 38 hafa indray izany ka tafiditra ao ny Novelas Tv, C 8, W9, Action 4, Chaîne jeunesse ary ireo fandaharana mikasika ny horonan-tsary fanadihadiana. Ankoatra izay, ny Fantsona Evasion + ihany koa dia niova hotsara kokoa ka lasa Tout Canal +. Ny mpanjifa amin'ity tolotra ity indray dia mahazo ny fantsona rehetra ary mbola miampy fantsona 25 indray aza izany ka tafiditra ao anatin' izany ny tolotra "famille" ahitana ny France 3 fandaharana mikasika ny fanatajahantena, ny sarimihetsika (Cine) sy ny maro hafa fa ny hampiavaka azy kosa ny "carré VIP" ary mbola mahazo tolotra fikarakarana manokana sy maimaimpoana amin' ny fanamboarana raha sendra misy fahasimbana ary izany dia azon'ny mpanjifa atao eny amin'ny misy ny masoivohon'ny Canal + rehetra amin'ny toerana izay misy. Fa tsy hadinoin'izy ireo ihany koa ny manome herinandro hijerana maimaimpoana ireo fantsona rehetra atolotry ny Canal+ ho an'ireo mpanjifa mahafa-po. Amin'ireo tolotra ireo dia azon'ny rehetra atao ny manatona ny toeram-pivarotana ny Canal+ raha te ahafantatra bebe kokoa.

Tiaray R

# Faran'ny herinandro

## Hifampitady ny "vazo miteny" sy ny "mozika mavesatra"

*Safidy manadala ! Ho an'ny amin'ny vazo miteny sa hijery mozika mavesatra ? -Fampisehoana goavana roa no hanjaka eto an-drenivohitra amin'ny faran'ny herinandro ity. Ny voalohany, etsy amin'ny kianja maintso Antsahamanitra. Hetsika hiarahan'ireo andrarezin'ny vazo miteny : Samoela, Rah-ckiky ary Princio. Ny faharoa kosa, mozika mavesatra hiarahana amin'ny tarika Mage 4 etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina :*

Samoela, Rah-Ckiky, Princio

### Hiray sehatra etsy Antsahamanitra

Tafaray ireo mpanjakan'ny vazo miteny. Telo toko mahamasa-nahandro, eo amin'ny tontolon'ny vazo miteny no hiray sehatra etsy amin'ny kianja maintso Antsahamanitra, rahampitso alahady 10 septambra 2023. Hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro ny fotoana ary haharitra adiny 4 any ho any ny fiarahana amin-dry zalahy. Dia i Samoela sy Princio ary Rah-Ckiky. Iry voalohany, hitondra an'i « *Kala mena volo* », handalo amin'ny « *Bandy Akama* », « *Zanabahoaka* » ka hatraty *amin'ny* « *Bandy Rangahy* ». Etsy ankilany, Rah-Ckiky hivimbina « *Un milliard* », « *4è tige* », « *Akondro* », « *Fary* » sy ny maro hafa. Ary Princio hanatobaka vazo marobe toa ny « *Revirevy mody masoandro* », « *Lasa mphira daholo* », « *Paradisa* » sy ny maro. Ny Nel Sound Production izay efa matihanana sy manana traikefa amin'ny fikarakarana seho goavana no mikarakara ny hetsika izay nilaza fa tsy ho diso fanantenana izay hijery ny fampisehoana.

Tarika Mage 4

### Hihaona amin'ny mpankafy etsy Mahamasina

Tonga ilay fotoana nandrasan'ny maro hatrizay. Hamerina ilay seho goavana tamin'ny taon-dasa etsy amin'ny Palais des Sports Mahamasina indray ny tarika Mage 4. Ao antoerana indray izany no hifamotoana amin'ny mpankafy gadona rock rahampitso Alahady hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Tsy ho latsa-danja amin'ny seho efa nataon'i Ken sy ny ekipany io ka ny mpankify sisa no andrasana.

Nangonin'i Fy

# Tsaroako ilay"...

Hery (Puissance)

## Nifandrombahan'ny iray tanàna

***Hery Puissance no ahafantaran'ny maro azy ankehitriny. Fa Hery Raberanto no nipoirany sy nahalalan'ny maro azy voalohany. Efa 37 taona izao no niriariavany tao anatin'ny tarika Raberanto. Na tsy re firy aza ny tarika, miaina ao anatin'ny zavakanto hatrany i Hery Puissance. Anio kosa, hitantara fahatsiarovana mahatsikaiky niainany ny lehilahy eto :***

**Nentin'ny taxi ohatra ny nitondra marary**

Tamin'ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena, no nitrangan'ity tantara iray ity. Nanafana ny « Podium » tetsy Ankorondrano ny tarika Hery Puissance, tamin'ny 24 jona hariva. Noho ny fahasimban'ny fiara nentiny hamonjy ny toerana hanatanterahany fampisehoana, dia voatery najanony teny an-dalana ny fiarany, ka nanakana taxi izy. Noho ny fitohanan'ny fiara lavabe, nefa izy efa tara, dia tsy maintsy nampiasa tetika mba hahafahany mamonjy an'Ankorondrano faran'izay haingana ilay sofera taxi. Nampanenoina tsy an-kijanona toy ireny mitondra olona marary mafy ireny ny klakisaonin'ny fiara. Nazava ny lalana nalehany ka vetivety dia tonga. Tara ihany ny lehilahy, saingy vitany kosa ny anjarany.

**Nifandrombahan'ny iray tanàna**

Mahay mandray olona ny any amin'ny Faritra atsimo ! Isaky ny miaka-tsehatra any i Hery Puissace dia raisin'ny olona ohatran'ireny mandray mpanjaka ireny mihitsy. Tamin'ny 2008 nanafana ny THB Tours izy, feno hipoka ny mpijery ary mifandrombaka mampirevy azy daholo ireo olobe ao antanana. Tamin'ny fotoana nandevenana an-dRasoa kininike indray, dia nifampisintonan'ny mponina izy raha vao vita ny anjarany miaka-tsehatra. Izy irery rahateo no solontenan'ny mpanakanto avy aty afivoantany ary manao hira mihetsiketsika be. Misy manatitra ondry ; manatitra maskita be dia be ; manome labiera amin'ny cageot sy ny maro hafa. Nisy fotoana aza efa natory izy no nofohazin'ny olona hihira. Tsy nety niakatra intsony ny lehilahy na efa raikitra aza ny fanangonana vola tamin'ny harona.

**Hira iray no vita dia rava ny fampisehoana**

Nanao fampisehoana tany Avarabary Imerintsiatosika ny tarika tamin'izay fotoana izay. Teo amin'ny 2 volana latsaka teo ho eo angamba izay. Vao nanomboka nihira ny tarika Hery Puissace ihany io, dia simba ny gropy mamatsy ny herinaratra ka tsy afaka nanohy intsony. Niezaka nanamboatra ihany ny teknisiana nanarina ilay gropy mba hahafahan'ny tarika manohy ny fampisehoana, fa tsy nahitana fanafany. Rehefa leo ny niandry teo ireo mpijery marobe, dia nezahana ihany ny nanao « acapella », fa nijanona ihany ny farany. Lasa nody nangaihay fotsiny ny mponina, izay voalaza fa toerana faran'izay lavitra sady ratsy lalana be. Ry Hery Puissance aza ohatran'ireny vazaha ireny noho izy ireo nihosom-bovoka vao tonga tany an-toerana.

Nangonin'i Fy

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 274 - 09 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Ravim-bomanga saosy

Zavatra ilaina : ravim-bomanga, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, dipoavatra, menaka.

Fikarakarana azy : Atao ao anaty vilany ny saosy voatabia sy tongolo dia asiana sakamalao sy tongolo gasy voatoto. Diovina tsara ny ravim-bomanga dia avela hitsiaka tsara ny ranony ary arotsaka avy hatrany. Avela hiketrika kely dia asiana dipoavatra. Kendrena tsy ho masaka be loatra ny ravimbomanga fa rehefa miketrika kelikely dia esorina. Ilay somary mantamanta iny izy no tena tsara. Mazotoa homana !

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Debara, fanaka, vy, frigo, TV, boky, kilalao, pièce. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 635/10-7)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 639/20-5)

* Lamba, kilalao, korontana, fanaka, kojakojan-dakozia. Tél : 034.95.621.82 / 033.02.188.41. (G-BA 643/10-2)

**COURS**

* Cours de coiffure acceléré, tsisy écolage. Afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 641/20-3)

**SERVICE**

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 642/6-3)

**VIDANGE**

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-20)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 638/15-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 640/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 640/6-4)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 640/6-4)

* Vidange fosse sseptique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 644/22-2)

Miarinarivo

# Maty nokapain'ny vadiny tamin'ny famaky Ramatoa

*Marihina fa mpampianatra ity rangahy 52 taona nahavita namono ny vadiny ity.*

Ramatoa iray 40 taona no maty nokapain'ny vadiny tamin'ny famaky teo amin'ny lohany ny alarobia lasa teo tany amin'ny fokontany Avaratsena kaominina Ambatomanjaka any amin'ny distrikan'i Miarinarivo. Tokony ho tamin'ny 10 ora alina tamin'io fotoana io no nisehoan'izany vono olona izany. Nisy fifamaliana teo amin'izy mivady ireto. Araka ny fanazavana dia nilaza ilay rangahy fa nanitsakitsaka azy ny vadiny ka farany tsy zakany intsony izany ka nahatonga azy nahavita izao heloka bevava izao. Nanoloana io tranga io dia tsy niteniteny tamin'ny manodidina mihitsy ralehilahy. Tsy nahafantatra izay zava-niseho rahateo ny olona mpiray tanàna tamin'izy mivady.

**Nitolo-batana**

Tsy nandeha nitsoaka akory ilay rangahy fa ny nataony taorian'izay dia nandeha nitolo-batana tany amin'ny manampahefana. Nohidiany mantsy ny trano dia nankany amin'ny tobim-paritry ny zandary tany Miarinarivo izy afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora. Notantarainy tamin'ireo mpitandro filaminana ny zava-niseho. Nandeha avy hatrany ny famotorana azy ary notanana tany amin'ny tobim-paritra izy. Marihina fa mpampianatra ity rangahy 52 taona nahavita namono ny vadiny ity. Rehefa vita ny fakàna am-bavany azy eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

T.H

Menaka nogiazina tao Mahajanga

# Miantso ny Fitsarana tsy hitanila ny tompon'entana

Raikitra ny am-pamoaka mikasika ilay menaka nogiazana tao amin'ny seranantsambon'i Mahanjaga. Efa eo anivon'ny Fitsarana fandravana didy ny raharaha ankehitriny, ka nanao antso avo ho an'ny Fitsarana mba tsy hitanila ary nangataka ny tomponandraiki-panjakana mahefa mba hijery akaiky ity raharaha ity ny orinasa DMC nanafatra ny entana. *"Nanafatra menaka 700 taonina avy any Malaisie ny DMC tamin'ny taona 2021. Voamarin'ny laboratoata tany am-potony sy ny Minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana sy ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka fa menaka mbola tsy voadio ilay nafarana. Mbola nanafatra 3 000 taonina tany amin'io mpamatsy io ihany tamin'ny taona 2022. Tamin'ny 21 oktobra 2022, mbola adiny efatra miala ny seranana ny sambo dia efa nanaovan'ny*



Ireo mpisolovava nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly teny Ambaranjana. (Kelly R.)

*teo anivon'ny Fadintseranana fitsirihana, izay tsy natrehin'ny teo anivon'ny DMC. Nampangaina ho nanao fanambarana hosoka ity orinasa ity, satria voalaza fa menaka efa voadio ilay nohafarana. Niakatra Fitsarana ny raharaha, saingy afaka madiodio ireo nampangaina. Tsy afa-po ny mpitory ka nampakatra ny raharaha, ka voasazy handoa lamandy 90 miliara Ariary sy fanonerana haba 1, 6 miliara Ariary ny orinasa ary famonjana 1 taona sazy mihatra ho an'ireo mpitantana efatra teo aloha sy mpitantana ankehitriny. Rehefa namerina ny fitiliana anefa izay tamin'ny laboratoara telo samihafa dia voamarina fa menaka tsy voadio ilay nohafarana."*, hoy ireo mpisolovavan'ny orinasa sy ireo voampanga. Manahy ireo voakasik'ity raharaha ity fa sao misy olona tiana harovana sy tiana hopotehana, ka hanaratsy endrika ny tontolon'ny fampisambola eto Madagasikara. Ity orinasa ity rahateo dia mampiasa olona eo amin'ny 1 000 ary afaka manadio menaka 500 ka hatramin'ny 600 taonina isan'andro sy mivarotra menaka madio amin'ny vidiny tsy mihoatra ny 7 000 Ariary isaky ny litatra.

*Voamarin'ny valim-pitiliana nataon'ny laboratoara telo samihafa.*

R. Muray

Minisitry ny Fiarovam-pirenena

# Miantso ny malagasy hanatanteraka ny fifidianana

Notanterahina omaly tetsy amin'ny Rezimanta « 1er Bataillon parachutiste » na ny Toby « *Général de Corps d'Armée Ismaël Mounibou* » Ivato ny lanonana ara-miaramila fanolorana faneva ho an'ireo manamboninahitra mitotaly 35, nisondrotra eo amin'ny laharam-boninahitra Jeneraly ny taona « 2022-2023 ». Raha atotaly dia 22 ireo « *Général de brigade* » notolorana faneva, raha 12 ireo niakatra ho « *Général De Division* » nanehoana Faneva ary iray (1) ny « Général Des Corps D'armée». Nandritra izany ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa no nanao fanambarana fa ny Foloalindahy malagasy dia vonona hatrany hijoro ho mendrika eto amin'ny firenena. Nanamafy izy fa mandalo kihon-dalana isika izao manoloana ny fifidianana ho avy. Noho izany dia manao antso avo ny olom-pirenena rehetra hanatanteraka ny zony mba hifidy amin'ny 9 Novambra ho avy izao. Manentana ny hery velona rehetra ihany koa mba hampihato ny fihantsiana sy ny fandranintana hisorohana ny krizy aterak'izany eto amin'ny firenena.

Ariel D.

Anjozorobe

## Lehilahy mipetra-drery hita faty tao an-tranony

Ny fofona hafahafa nivoaka avy tao amin'ny tranon'ity lehilahy ity tao Antanetibe-Anativolo, distrikan'Anjozorobe ny Alakamisy lasa teo no nanaitra ny mponina teo amin'ny manodidina. Izy rahateo efa elaela tsy tazan'ny olona sady tsy nisokatra mihitsy ny trano. Nanaitra ny mponina izany ka novohaina ilay trano fa tsy nety nivoha. Nampandrenesina ny tomponandraiki-panjakana teo antoerana sy ny mpitandro filaminana. Voatery tsy maintsy novohana ny trano ka vao nisokatra ny varavarana dia tsy laitra niainana ny fofona tao. Rehefa nojerena akaiky ny tao an-trano dia ny fatin'ilay rangahy tompon-trano no hita tao. Efa nanomboka simba ny razana. Raha ny fanazavana hatrany dia efa andro maromaro no tsy nahitana ity lehilahy ity nivezivezy teo an-tanana. Tsy nisy nanam-po ny zava-nitranga ny mpiara-monina ka samy taitra avokoa raha nandre ny nahazo azy. Mbola tsy fantatra mazava moa hatreto izay tena antony nahafaty azy. Izy rahateo mipetra-drery ka tsy nisy nahita izay nahazo azy tao. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

R.C

## Ho anao Ramatoa

### Fomba hatao hiarovana ny hoditra amin'ny masoandro



Efa manomboka mafana ny andro. Mba hiarovana ny hoditra amin'izany dia misy fombafomba tsotra hiarovana ny tarehy sy ny lamosina ary ny vatana atolotra antsika ato amin'ny "ho anao ramatoa" anio.

**« Lait » amin'ny kônkômbra**

Alaina ny kônkômbra iray dia potserina na totoina dia fihazana mba hahazoana ny ranony. Asio glycérine 2 sotro lehibe, ary rano avy nitenehana raozy dia afangaroy tsara. Atsofoy anaty vata fampangatsiahina avy eo mandritra ny ora iray, dia hosory amin'ny faritra mahamay avy eo. Azonao hosorana izany na ny tarehy na ny vatana fa ny manodidina ny maso ihany no tsy tsara asiana an'io.

**«Lait » amin'ny raozy**

Maka vonin-draozy dia tsoahy amin'ny tahony ka taneho amin'ny rano na koa raha azonao atao dia manapotsitra izany anaty lamba mba hofihazana. Ilay menaka azo avy aminy iny no tena tsara. Avy hatrany dia hosorana amin'ny faritra mafana na main'ny masoandro izany.

**Karazam-boankazo na « yaourt »**

Mba hialana amin'ilay fangirifiriana iny dia azonao atao ihany koa ny manosotra « yaourt » natiora amin'ilay faritra, na koa voatabia notetehina boribory. Tandremo anefa, fa tsy azonao atao intsony ny miverina amin'ny faritra misy masoandro ny androtr'iny.

**« Lait » amin'ny vahona**

Sintomy ny dintan'ny vahona dia afangaro amin'ny « lavande » sy menaka manitra avy amin'ny « romarin ». Afangaro ireo dia ahosotra amin'ny faritra main'ny masoandro.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Telo**




## Hatsikana an-tsary

**Tenisy**




## Masoandro Miposaka

**2 Korintiana 10 : 12**

Fa izahay tsy sahy hanao ny tenanay ho isan'ny sasany izay midera tena, na hampitaha ny tenanay aminy; fa tsy hendry ireny, satria manohatra ny tenanay amin'ny tenany sy mampitaha ny tenany amin'ny tenanay.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tsikovoka sy fandiorano : volo no iraisana, fa ny fomba samy manana ny azy.**

Un dytique et un gyrin : ils sont de même couleur, mais n'ont pas les mêmes habitudes.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3045**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 6 | 9 | | 8 | | |
| | 2 | 4 | | | 3 | 1 | | |
| | | | | 5 | | 3 | | 2 |
| | | | | 3 | | | | 1 |
| | | 9 | 2 | | | | | |
| | 7 | | 1 | | 8 | | | |
| | | 7 | | 4 | 6 | | 5 | |
| 5 | | | | | | | | |
| 9 | | | 5 | | | | 4 | |

Valin'ny laharana **3044**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 1 | 6 | 5 | 7 | 4 | 9 | 8 | 2 |
| 9 | 5 | 8 | 2 | 1 | 3 | 4 | 7 | 6 |
| 2 | 4 | 7 | 8 | 9 | 6 | 1 | 5 | 3 |
| 4 | 7 | 9 | 1 | 3 | 2 | 8 | 6 | 5 |
| 6 | 8 | 3 | 9 | 5 | 7 | 2 | 4 | 1 |
| 5 | 2 | 1 | 4 | 6 | 8 | 7 | 3 | 9 |
| 7 | 3 | 4 | 6 | 2 | 9 | 5 | 1 | 8 |
| 8 | 9 | 5 | 3 | 4 | 1 | 6 | 2 | 7 |
| 1 | 6 | 2 | 7 | 8 | 5 | 3 | 9 | 4 |

CENI

# 27 375 ny birao fandatsaham-bato eran'ny nosy

Miezaka mampiseho ny mangarahara amin'ny fikarakarana ny fifidianana izay hatao eto amintsika ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny CENI. Nampahafantarin'izy ireo teny Alarobia omaly fa azo jerena tsara ao anatin'ny tranokalan'ny CENI ny rejisitry nasionalin' ny lisi-pifidianana efa vita fanavaozana. Navoakan'izy ireo ho fantatry ny rehetra ao anatin'izany ihany koa ny lisitr'ireo birao fandatsahambato hanaovana ny fifidianana. Izany dia ho fampiarana ny voalazan'ny lalàna fehizoro laharana 2018-008 mifehy ny fifidianana sy fitsapankevi-bahoaka. Araka ny fanazavan'Atoa Rakotondrasoa Tseheno, Sekretera Mpanatanteraky ny CENI dia misy 27 375 ny birao fandatsaham-bato manerana ny Nosy mandritra ny fifidianana Filoham-pirenena hatao ny 9 novambra ho avy izao. Hita ao anatin'ny fokontany 19 340 eto Madagasikara ireo birao fandatsaham-bato ireo. Araka ny fanazavany dia nisy ihany ny sivana natao hiarovana ny antotan-kevitra sy ny mombamomba ireo olom-pirenena mpifidy mba tsy ho ampiasaina amin'ny zavatra hafa. Ho an'ireo solotenan' ny antoko politika nanatrika ny fampahafantarana ny CENI dia nilaza izy ireo fa betsaka no tsy mbola mahafa-po amin'ny fomba fiasa. Ho an'ny antokoTiako i Madagasikara izao, dia nilaza izy ireo fa maro ireo lesoka tokony harenina mba hahatratrarana marina ny fifidianana mangarahara sy eken'ny rehetra. Milaza ny vonona hitondra fanatsarana momba izany hatrany moa ny CENI mba hanalana ny ahiahin'ireo tena voakasika mivantana.


Ireo tonga nanatrika ny fampahafantarana teny amin'ny CENI.

**JUDD**

## Marina izany !

### Fifandrifian-javatra ve!

**Ny omaly tsy miova ! Io no azo amehezana ny tsy fandriampahalemana eto amintsika, tato anatin'ny volana maromaro izao. Mampitaintaina andro aman' alina ny herisetra izay miseho amin'ny endriny samihafa. Ao anatin'izany ny fanendahana ; ny sinto-mahery; ny asan-jiolahy mitàna fitaovam-piadiana ; ny vono olona an-kitsirano...Raha somary tony ny fanongotana maina mason-jaza varira sy ny fanapahan-doha ary ny fakàna taovan'olona velona dia nandrenesana fitarainana indray fa miverina, eto an-drenivohitra ny fakàna an-keriny. Nitranga izany andro vitsivitsy lasa izay, araka ny fijoroana vavolombelona nataon'olona akaiky ilay niharan'ny " kidnapping ", saingy navotsotry ny jiolahy avy eo. Mampieritreritra ny zava-misy, indrindra amin'izao fotoana manakaiky fifidianana sy mampafanafana ny toe-draharaha pôlitika izao. Antony mampametra-panontaniana ny amin'ny hoe: fifandrifian-javatra ve no mampirongatra ny tsy fandriam-pahalemana sa mety misy ifandraisany amin'ny resaka pôlitika ? Vao maika mahalasa saina ny fahitana ny mpitandro filaminana toa tsy dia manokana fotoana sy ezaka goavana amin'ny paikady hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana, na an-drenivohitra na ambanivohitra, saingy haingana kosa ny fidinana ifotony rehefa handrava na hanakantsakana hetsika mamofompofona pôlitika. Milaza miara-mahita ny zava-nitranga teny Mandrimena, nandritra ny fivoriana saika hotantarehan'ny kandidà maro, tamin'ny toerana mihidy sy fananan'olon-tsotra ny mpitandro filaminana, andro vitsivitsy lasa izay. Mbola manamarina izany ny fandefasana azy ireo marobe, teny amin'ny kianjan'ny 13 mey, nefa tsy nisy n'inon'inona!**

Voahangy Rakotozafy

Fifidianana filoham-pirenena

# Nitory eny amin'ny HCC ny antoko HVM sy MMM

Tsy milamina ! Zary lasa miteraka olana sy resabe eto amin'ny firenena ankehiitriny ny momba ny fifidianana sy ireo mpilatsaka ho fidiana. Ankoatra ny fisitahana andaharan'ireo kandidà, dia tonga indray ny resaka fitoriana ny tsy fanekena ny firotsahan'ny kandidà hafa mpifanandrina. Ny antoko HVM sy ny antoko MMM no nitory teny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na HCC omaly mikasika ny firotsahan-kofidin'ny Filoha amperin'asa. Anton' izany araka ny fanazavan'izy ireo, dia mba ho fanjana ny tany tan-dalàna sy noho ity kandidà ity efa manana zom-pirenena hafa. Etsy andanin'izany, nanamafy ny tomponandraikitry ny antoko HVM fa tsy hanao fampielezan-kevitra ihany koa izy ireo raha eken'ny HCC ny filatsahan-kofidin'ny Filoha ankehitriny. Taorian'ny fanambarana niezinezina nataon'ity farany teny amin'ny Lapan' ny Fanatanjahatena Mahamasina tokoa, dia maro tamin'ireo kandidà no nitsangana sy naneho hevitra ary nanohitra avy hatrany izany. Niseho tamin'ny alalan'ny fisintonana ny taratasy filatsahan-kofidina izany. Nitohy tamin'ny fametrahana fitoriana fanafoanana ny filatsahan-kofidiny, ary ny farany, dia fandrahonana indray ny amin'ny tsy hanaovana fampielezan-kevitra. Na samy manana ny antony aza, dia kandidà efatra hatreto no efa nanao fanambarana sy nisintona ny filatsahan-kofidiny.


Ireo Senatera IRD nanao fanambarana teny Anosikely omaly hariva.

**Mitsipaka marindrano**

Manoloana ity fitoriana ity, dia nitsangana indray koa ireo Loholona IRD manohana ny fitondrana ka mitsipaka marindrano izany omaly hariva. Araka ny fanambarana izay novakian' ny loholona Tsiebo Mahaleo dia « *fanakorontanana sy kilalao politika no ataon'ireo kandidà mody milatsaka ho fidiana ary misintona izany indray avy eo* ». Melohin'izy ireo araka ny fanambarany ny finiavana handika ny lalàna velona indrindra ny lalàmpanorenana. Mikasika ny resaka zo-mpirenena, dia tsindrian'izy ireo fa inian'ireo mpanao politika ahodinkodina ny momba izany. Nanterin'izy ireo teny amin' ny HCC moa ny taratasy mirakitra izany fanambarana izany ho fampahafantarana ny hevitr'izy ireo sy ho fanoherana ireo mpanao politika mitsipaka ny firotsahan-kofidin'ny Filoha ankehitriny. Karazan'ny manao tsindry amin'ny HCC ihany izy ireo amin'izany fihetsika izany. Raha tsy misy ny fiovana, anio no voalaza fa hamoaka fanapahan-kevitra ny valin' ireo antontan-taratasy firotsahan-kofidina ny HCC. Hambarany amin'ny fomba ofisialy amin'izany ny lisitr' ireo kandidà raikitra sy afaka mifaninana sy ho fidiana amin'ny latsa-bato izay hatao amin'ny 9 novambra ho avy izao. Ho hita eo araka izany ny tohin'ny raharaha !

**JUDD**

Raharaha Romy Voos Andrianarisoa

# Nihemotra amin'ny 6 febroary 2024 ny fitsarana



Omaly 8 septambra no fotoana nomen'ny fitsarana any Londres, hiatrehan'ny talen'ny kabinetran'ny Fiadidiana ny Repoblika teo aloha ny mpitsara any an-toerana, amin'ny raharaha kolikoly mahavoarohirohy azy. Araka ny loharanom-baovao avy amin'ny mpanolotsaina eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika, navoakany teo amin'ny pejy « facebook » anefa dia nihemotra amin'ny 6 febroary, amin'ny taona ho avy ny fitsarana an'i Romy Voos Andrianarisoa. Raha tsiahivina dia tamin'ny alakamisy 10 aogositra lasa teo no nosamborina, tany Londres ny talen'ny kabinetra teo aloha sy teratany frantsay iray niaraka taminy. Araka ny loharanom-baovao nivoaka tamin'ny gazety vahiny dia ny « National Crime Agency », sampandraharaha miady amin'ny kolikoly any an-toerana no nanenjika azy ireo ary taorian'ny fanadihadiana dia notazonina vonjimaika any am-ponja ireo olona roa ahiahiana ho tafiditra amin'ny raharaha kolikoly, mahakasika fiaraha-miasa amin'ny orinasa tantanin'ny vahiny eto Madagasikara, misehatra amin'ny resaka fitrandrahana vato sarobidy.

**V.R.**

**TANY AMIDY MORA**

**TANY ALAKAMISY vers Vontovorona (CUR) :**

bord de route 36A.00Ca sy 23A 00Ca, titré, borné.

***Azo zarazaraina :*** 500m²

***Prix :*** 55000Ar/m²

***Contact :*** 034 18 711 29 - 033 11 236 89 Mr Rôd

(Misy tany hafa koa an ! Ambohijanaka)

G-CL 605/3-3

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

***"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."***

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
BAREA
MISAOTRA !
#IsikaMiaraka@Barea
GCL 609/1-1